## FARAFANGANA 4

# OLONA 2 LASAN'NY RANOMASINA NIARAKA TAMIN'NY LAKANA


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7487 Taona faha-24 **Vidiny: 500 Ariary** Gazety mivoaka isan'andro Zoma 03 febroary 2023


## MARINA IZANY ! 7

### MITERAKA RESABE !

## IZY NO IZY 7

### RAVELOMAHAZO RIVELLINO

### TIA MIZARA, TSY MATAHOTRA MANITSY



Zoma mahafinaritra 2

## KITRA 3

### JASMINA RAVELONARIVO

### NIVOAKA TAMIN'NY FAHANGINANY



## ANKATSO II 8

# TSY NAHAZO RANO 5 VOLANA NITOKONA IREO MPIANATRA



## ANDRY RAJOELINA TANY MAROVOAY 7



### NANOMBOKA NY SOSIALIM-BAHOAKA TAMIN'NY FANAMPIANA IREO TRABOINA

## TOE-DRAHARAHAM-PIRENENA 7

# TSY AZO IHODIVIRANA NY FANOVANA GOVERNEMANTA

## TSIROANOMANDIDY 8

### "MBOLA VIDINA 50 000 Ar NY FIB"




Malagasy Folkloric Band (MaF'B)

# Hitondra ny kolontsaina malagasy any New Delhi Inde

Hanomboka anio ao New Delhi any Inde ny hetsika ara-kolontsaina iraisam-pirenena ary tsy hifarana raha tsy ny 19 febroary ho avy izao. Isan-taona dia firenena eropena tsy latsaky ny 20 sy Azia Atsimo Atsinanana ary Afrika no mandray anjara, ka tafiditra ao anatin'izany i Madagasikara. Ny vondrona Maf'Be na ny Malagasy Folkloric Band no voatendry hisolo tena antsika amin'ity hetsika goavana ity. Ny alarobia teo no nihazo an'i Inde hamonjy ny hetsika ireo mpikambana 18 mianadahy. Tezaina sy ofanina manokana eo anivon'ny Akademiam-pirenen' ny Zavakanto sy ny Kolontsaina (ANAC) izy ireo ary efa 2 taona eo ho eo izao no nanaraka fiofanana. Mbola mpianatra avokoa ny ankamaroan'izy ireo saingy maharaka tsara ny fiofanana miseho rehetra.



**Ny MaFB, anisan'ny mpandray anjara amin'ny "Festival Surajkund".**

Ny MaF'B dia tetikasan' ny Ministeran'ny Serasera sy ny Kolontsaina entina mamolavola mpanakanto tanora manan-talenta amin' ny sehatry ny dihy sy ny mozika ary ny hira. Amin' izao fiatrehana ny hetsika ara-kolontsaina iraisam-pirenena, na ny "festival Surajkund" izao. Ny zavakanto sy ny dihy ary ny nentim-paharazana ary ny kolontsaina malagasy no entin'izy ireo any antoerana. Zava-dehibe ho an'ireto tanora ireto ny fivoahana maka traikefa amin'ny sehatra iraisam-pirenena toy izao.

Ny Departemantan'ny fizahantany Haryana any Surajkund no mikaraka ny "festival Surajkund". Ankoatra ny hetsika ara-javakanto dia hibahan-toerana mandritra ny hetsika ihany koa ny asan-tanana maro loko izay mampiavaka ny firenena Indianina. Mandritra ity fotoana ity ihany koa no hanehoan'izy ireo ny fombandrazany. Tanjon'ny hetsika araka ny voalaza ny hisarihana mpizaha tany.

**Tiaray R**

Sih Rakout

# Nahazoany traikefa ny fifaninanana "Fashionomics Africa"

Tontosa omaly ny fifaninanana an-jotra mikasika ny zaitra sy famoronana lamaody aty Afrika. Firenena 12 no tafakatra hiady ny famaranana ka anisan'izany i Sitraka Harimalala Rakotoasimbola, fantatry ny maro amin'ny hoe Sih Rakout. Mpanjaitra sady mpamorona lamaody izy sady mpanao sary ihany koa. Roa amin'ireo tafakatra famaranana ihany no nahazo ny loka goavana, saingy tsy nahomby aloha isika tamin'ity indray mitoraka ity. Na izany aza dia nahazon'i Sih Rakout traikefa iny fifaninanana iny mba hanamafisany ny fahaiza-manaony eo amin' ny tontolon'ny hay haingo. "*Mitohy ny asa famoronana ary mbola vonona ihany koa aho ny handray anjara amin' ny fifaninanana rehetra*", hoy Sih Rakout. Fahaizana mampisongadinana ny fitafy mampiavaka ny firenena iray no tena nojerana, saingy mahazaka tsara ny tsena iraisam-pirenena. Fantatra nandritra ny famaranana, omaly, ary fa ilay Tonizianina Ms Marion sy Eloli avy any Kamerona no mpandraharaha roa nahazo ny loka goavana, vola mitentina 20 000 Dolara, ankoatra ireo loka maro samihafa azony.

**Tiaray R**




**Izy no Sih Rakout**

Islah McRaz

# Efa 11 taona izao no tao anatin'ny sehatry ny "rap"



**Eo am-piketrehana hira vaovao indray izy.**

Efa ho 11 taoana eo izao no niditra teo amin'ny sehatry ny fanoratana hira sy rap i Islah McRaz. Tao amin'ny tarika Elatra Telo no nahafantarana azy voalohany. Tarika iray izay niarahany tamin'ireo rahalahiny ihany moa izy io. Nodimandry kosa anefa ny zandriny ka dia nijanona teo koa ny tarika. Taty amin'ny taona 2022 kosa indray vao henoheno izy ary efa nanangana ny tarika Waves music indray. Onjan'ny fitiavana mozika, hoy izy, no dikan'ny anaran'ny tarika. Tiany ny manao mozika indrindra fa ny manao rap, ka izay no hanohizany manao izany foana. Fa etsy andanin'izay dia tia manoratra hiram-pitiavana sy mitantatra izay zava-misy eny amin'ny fiaraha-monina ihany koa izy, ka izay koa no niaingan'ny aingam-panahiny tamin'ny namoronana ity tarika ity. Izy sy Bajhio namany moa no nanangana izany ary misy sivy eo izy ireo no mandrafitra izany. Efa manana hira miisa 12 eo izy ireo amin'izao izay marihina fa tsy mbola nivoaka rakikira avokoa ireo. Azo henoina ao amin' ny pejy fesiboky Islah McRaz moa izany ary hisy hira vaovao havoakan'izy ireo tsy ho ela koa ao. Ankoatra ny hira dia efa nanao fampisehoana maromaro ihany koa izy ireo tamin'ny taona lasa iny, vao mainka nanampy tosika ny fahafantaran'ny maro azy ireo izany. Mbola tarika azo lazaina ho vaovao moa izy ireo raha eo amin'ny tontolon'ny mozika ka dia mangataka fiaraha-miasa amin'izay mba te hanampy sy hanosika azy ireo ao anatin'ny kanto ataony. Misokatra amin'ny rehetra, hoy izy ireo, ny varavarana amin'izany.

**Tanya.R**

Tarika Ny Ainga

# Hihaona amin'ireo mpankafy eto Analamanga

Hotanterahina amin'ny alahady izao indray ny fifampiarahabana nahatratra ny taona eo amin'ny tarika Ny Ainga sy ny mpankafy eto Analamanga. Ao amin'ny sekoly Fanavotana eny Ankasina 67 ha moa no hanatanterahana azy io. Fotoana iray efa fanaon'ny tarika foana moa izy io fony fahavelon'i Om Gui, ary dia mbola mitohy hatramin'izao. Ny fikambanan'ny mpankafy eto Analamanga ihany no namorona sy mikarakara izany hetsika izany isantaona. Zava-dehibe ho an'ny tarika kosa ny fanakaikezana ny mpankafy ka dia manohana hatrany izany antso izany izy ireo. Manana vina mihitsy ary ny tarika ny hikarakara fihaonam-be nasionaly ho an'ireo mpankafy manerana an'i Madagasikara. Nangatahin'ny mpankafy rehetra ihany koa moa izy io ka dia vao ketrehin'ny tarika miandalana eo ny hanaovana izany. Fa ankoatra izay dia manomana hira vaovao indray ny tarika amin'izao ka ho re miandalana eo koa ny fivoahan'izany. Mahakasika ny fampisehoana kosa dia efa azo lazaina fa fenofeno ihany ny programan'ny tarika amin'ity taona ity. Na izany aza, hoy izy ireo, dia azo atao tsara ny miantso azy ireo raha toa ka misy hetsika ilàna azy ireo.

**Tanya.R**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Tsy hoe raha sarotra sy mafy ny ady atrehinao, dia io ianao ho kivy, fa arakaraka ny hamafy sy mahasarotra ny dia no iezahako manandrana mandra-pahatongako any."
Ny Vetso (29. 05. 15)
("Just because it's hard doesn't mean you should give up; It means you should try even harder.")

Zoma mahafinaritra

# Maro ny safidy ho an'ireo mpiala voly

*Na ao anatin'ny orana aza isika. Mbola maro ny fialamboly ao anatin'izao zoma mahafinaritra izao. Ireto misy toerana vitsivitsy hahafahan'ny mpanala azy faran'ny herinandro toy izao :*

**RDJ Music Award 2022**

**Ho fantatra anio ireo hibata amboara**

Anio zoma, manomboka amin'ny 5 ora hariva eny amin'ny CCI Ivato ny hetsika goavana karakarain'ny RDJ. Efa fanaony isan-taona io, hanolorana amboara ireo tompondakan'ny hira malaza tamin'ny taona 2022. Gadona sy mozika maro loko maherin'ny 30 no hahazo amboara amin'izany. Horaisina amin'ny karipetra mena ny mpanakanto rehetra mandray anjara ary hisy ny fifidinana izay manao akanjo sy fitafy mendrika indrindra. Anisan'ny zava-baovao entin'ny mpikarakara amin'ity taona ity io ary hahazo amboara ihany koa . Ny mpankafy sy ny mpanaraka ny RDJ no hisafidy izay tiany amin'ny alalan'ny SMS sy ny mailaka. Ho fantatra amin'io fotoana io ihany koa izay mpanakanton'ny taona 2022 lahy sy vavy.

**Tarika Jeneraly**

**Hisantatra ny taona etsy amin'ny Pim's**

Etsy amin'ny Piment Café etsy Behoririka no hanokafan'ny Tarika Jeneraly ny fampisehoana ataony amin'ity taona vaovao ity. Anio, zoma hanomboka amin'ny 8 ora sy sasany alina no fotoana omeny ny mpankafy sy ny mpanaraka azy. Sady fiarahabana tratry ny taona ihany koa io, araka ny nambaran'izy ireo, ka hisy ny fifandomam-bera. Amin'ny maha taona vaovao azy dia hanolotra zava-baovao ho an'ny mpankafy ry zalahy, ankoatra ireo vazo efa eny ambavan'ny maro hiarahana miredona.

**Eley sy Mirasoa**

**Donan'ny samy ngeza eny amin'ny Jao's Pub**

Eley malaza amin'ilay hira hoe "*Maman'i Roukia*" sy Mirasoa fantatry ny rehetra amin'ilay hira hoe "*Valala*". Ireto andriambavilanitra roa samy manana ny lazany ireto no hampitotorebika ao amin'ny efitrano filanonan'i Jao's Pub Ambohipo, anio ao anatin'ny fialambolin'ny zoma manifika. Toeram-pilanonana mampisongadina ny kolontsaina sy ny kanto malagasy ny toeram-pilanonana Jao'S pub eny Ambohipo. Maro ny mpanakanto efa nandalo ary samy manana ny gadona sy ny mozikany izy ireny. Hiavaka kosa anefa ny seho hitranga eny an-toerana anio manomboka amin'ny 9 ora alina, izay hiarahana amin'i Eley sy Mirasoa.

**Rijade sy Rootsman**

**Hampiara-peo etsy amin'ny Ibiza Club**

Hifamotoana etsy amin'ny Ibiza Club Antaninarenina indray ny mpankafy Rijade sy Rootsman ny zoma izao hanomboka amin'ny 9 ora alina. Hanolotra fampisehoana miavaka izy mianadahy ireo ary hitondra zava-baovao ho an'ny mpankafy. Hikosoka ny kapila amin'io fotoana io ilay Dj fanta-daza eto amin'ny tanana, dia ny DJ Zayon.

**Nangonin'i Fy**

Kitra - AJESAIA

# Nivoaka amin'ny fahanginany ny filoha Jasmina Ravelonarivo



Tsy vita mora ny famolavolàna an'itony taninketsa itony !

Ny hazo no vanon-ko lakana, hono, ny tany naniriany no tsara ! Manoloana an'ireo mpilalao matihanina marobe, nivoaka teto amin' ny firenena, izay mahatonga resabe amin'izao fotoana izao ny fifindran-toerany any ivelany, dia nivoaka tamin' ny fahanginany Atoa Jasmina Ravelonarivo "Rajasy", Filoha Nasionalin'ny AJESAIA, naneho ny heviny amin'ny tokony hitsinjovana ny hoavin'ireny Sekolin'ny baolina kitra sy ny Ivontoerana mpamolavola taninketsa ireny. Niniana tsy nisy nanesorana ny taratasy misokatra, nalefany ho an'ny mpitantana ny MJS – FMF – Ligy – Pro League : " *Tompoko, Misaotra anareo ny tenako noho ny ezaka nataonareo tsirairay avy tamin'ny fampivoarana ny baolina kitra, toy ny fotodrafitrasa (terrains), fampitaovana (matériels), fampiofanana (entraîneurs & arbitres), fanatsarana ny Compétition (Pro League, etc…). Manomboka mitraka ary mahazo toerana eo amin'ny sehatra iraisampirenena ny baolina kitra malagasy, raha tsy hilaza afa-tsy ny nahatafakatra antsika teo amin'ny "1/4 de Finale CAN 2019" sy "1/2 Finale CHAN 2022". Tsara fa tohizo satria ny hazo no vonon-ko lakana, hono, ny tany naniriany no tsara ! Matoa ianareo misy mpanenjika dia nisy vokatra tsara izay. Hoy ny Ntaolo hoe : "Tsisy mitoraka voankazo tsisy voany izany ". Saingy somary hadinonareo ny tany nambolena ilay hazo, ny olona nisahirana nanondraka ilay hazo, nihava ary nanao ny ainy tsy ho zavatra mba hahatsara sy hahazoam-bokatra tsara ilay hazo. Miasa jamba rafozana izy ireny, ary mitatra ho an-dRainilaizafy. Tsy iza no tiako ho lazaina fa ireny " Ecole de Football " na " Centre de Formation " namolavola ireny mpilalao lasa matihanina ireny. Any ivelany dia misy ny "Droit de Formation". Mba hanohanako izany zavatra teneniko izany dia misy ohatra raisiko ireto : - Ny klioban'ny US AVEIA dia namoaka mpilalao maro, nilalao sy nandalo tao aminy (Njiva, Dafé, Kôka, Lalaina, Rhino, Rakoul), izay saika efa nilalao tao amin'ny ekipampirenena na nilalao tany ivelany (Pro) avokoa izy ireo – Ny Klioba AJESAIA dia efa namoaka mpilalao maro (7 lahy nahazoana ny COSAFA Castle CUP 2005 – 5 lahy nanantevina ny Barea de Madascar tamin' ny CAN 2019 – 3 lahy tamin' ny Barea U23 – 4 lahy manao CHAN 2022 amin' izao fotoana izao). Ohatra ihany ireo fa mbola maro ny Klioba na Centre ohatra an'izy ireo. Noho izany dia miangavy anareo izahay mba hanao Lalàna hisitrahan'ny Clubs Formateurs ny zony. Misaotra* ".

aris rafaly

Tenisy ambony latabatra - Afrika atsinanana

# Handefa solontena 8 mianadahy i Madagasikara

*Tafiditra sahady amin'ny fanomanana ny Lalaon'ny Nosy hatao eto amintsika izy ity.*



Manantena ny fanohanana azy itony solontenantsika itony.

Hatao any Djibouti amin'ny 9 hatramin'ny 12 marsa ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika, ho an'ny faritra atsinanana, taranja tenisy ambony latabatra. Handefa solontena 8 mianadahy amin'izany isika, ka raha ny nambaran'ny teo anivon'ny federasiona dia tafiditra amin'ny tanjona fohy ezaka tratrarina miaraka amin'ireto mpilalao ireto ny fandrombahana ny anaram-boninahitra ho tompondakan'i Afrika Atsinanana, ka hahafahana mandray anjara amin'ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika kaontinantaly sy ny fiadiana ny tompondaka eran-tany. Ankoatra izay, tafiditra sahady amin' ny fanomanana ny Lalaon' ny Nosy atao eto amintsika izy ity, hahafahana mandrombaka medaly volamena sy hitazomana ny laharana voalohany amin'izany. Eo ihany koa ny hiadiana ny tapakila, hahafahana miatrika ny Lalao Olympika, hotanterahina any Frantsa amin'ny 2024. Aorian'izany rehetra izany, dia ny handray anjara amin'ireo lalao maro any ivelany, karakarain'ny federasiona Iraisam-pirenena no ezaka ataon'ny federasiona sy ireo mpilalao, mba hahazoana laharana tsara maneran-tany. Manantena ary manentana ny rehetra, mba hanohana ireto mpilalao mandrafitra ny ekipam-pirenena ireto ny eo anivon'ny federasiona, satria dia mbola lavitra ny fikasana sy ny lalana halehan'izy ireto. Ireto avy ireo atleta mandrafitra ny ekipam-pirenena malagasy. Lehilahy : Nativel Jonathan, Ravonison Stephen, Rakotoarisoa Mamy Setra, Rakotoarimanana Fabio, Razafinarivo Antoine. Vehivavy : Dimbimiarilanitra Harena, Raharijaona Santatriniaina, Raharimanana Hanitra Karen.

Rabenaivo

Kitra - Tompondaka vehivavy "Senior"

# Nomontsanin'ny Disciples 8 no ho 0 ny MIFA

Hiditra amin'ny andro faharoa anio ny lalao fifanintsanana amin'ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara 2023, eo amin'ny baolina kitra vehivavy sokajy "Senior", any amin'ny kianjan'Antsirabe. Marihina fa ekipa efatra sisa no miady vintana amin'ny fandrombahana ny amboara, dia ny Disciples FC sy ny AC Sab Nam, izay samy avy any Vakinankaratra, ary ny MIFA Analamanga sy ny ASCUF Matsiatra Ambony. Afak'omaly, tamin'ny andro voalohany dia tamin'ny isa mavesatra 8 no ho 0 no nanamontsanan'ny FC Disciples ny ekipan'ny MIFA Analamanga. Nisaraka ady sahala samy tsy nisy nahavaky atody kosa ny AC Sab Nam sy ny ASCUF. Marihina fa amin'ny maha lanonam-pahavaratra hanaovana ny fifaninanana, izay hifarana amin'ny alahady, dia naroso maraina ny lalao rehetra. Tahaka izao ny fandaharan-dalao anio : 9 ora : ASCUF # FC Disciples ; 11 ora : AC SAB NAM # MIFA.

a.r

Muaythai - "Journée mondiale"

# Hanamarika ihany koa isika eto Madagasikara

Amin'ny alahady 6 febroary izao no hanamarihana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny Muaythai. Tsy diso anjara amin'izany isika eto Madagasikara, fa efa andalam-pikarakarana izany ny eo anivon'ny federasiona. Nambaran'ny filohany, Rakotoalizao Hainatiana, fa sady fotoana fifampiarahabana tratra ny taona izy ity no hanokafana ihany koa ny taom-pilalaovana 2023. Tsiahivina fa kolontsaina avy any Thailande izy ity, ka isan'ny manohana sy miara-miasa akaiky amin'ny federasiona ny consulat-n'izy ireo, izay mbola mihidy aloha hatreto, taorian'ireny coronavirus ireny. Isan'ny haiady hain'ny Malagasy izy ity, efa mahatratra hatramin'ny 500 eo no mpikatroka azy avy amin'ireo ligim-paritra 5, ahitana ny ligin'Atsinanana, Matsiatra ambony, Bongolava, Vakinankaratra, Analamanga, Alaotra mangoro. Isan'ny haiady manana kolontsaina hafa mihitsy moa ity Muaythai ity. Anisan'izany ny fanaovana ilay fehiloha, antsoina hoe "mongkon", ka ny khru no mametaka an'iny. Ilay amin'ny sandry roa indray dia "praciat" no fiantsoana azy, ka ny Ray sy Reny no miantsoroka izany. Tsy dia manahirana na mitaky fitafiana miavaka ny fanaovana ity haiady ity, ka na eny amin'ny fiakarana ringa koa aza dia tsy manano sarotra ny akanjo hoentina miatrika ny fifaninanana. Andrasana izany ny toerana hanatanterahana ity hetsika ity ho antsika eto Madagasikara, ary antenaina fa ho tonga maro hanatrika izany ny mpankafy fanatanjahantena rehetra.

Rabenaivo

**CHAN 2022 – Laharana fahatelo**

10 ora : *Madagasikara # Niger*


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### VIDANGE

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast. Azo hifanarahana tsara. Tél : 034.36.128.35. (G-BA 452/15-9)

### MIVIDY

* Lamba, poketra, kiraro, vilany, machine, fanaka, TV, bisikileta sns. Mm Sarah. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 459/8-2)

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 033.72.834.38 / 034.22.160.88. (G-BA 460/20-1)

### COURS

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 458/4-3)

* Cours particulier avec Mr Stacy : Maths, PC. Prof pédagogue. Tél : 034.04.018.21. (G-BA 455/5-5)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, nettoyage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 457/6-4)

* Vidange wc & puisard, construct° & réhabilitat°. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 461/5-1)

Farafangana

# Olona roa tsy hita, lasan'ny ranomasina niaraka amin'ny lakana

Resin-tory ny mpiambina ilay kanôty ka io no nitarika loza tao an-tseranana Anosinakoho, kaominina sy distrikan'i Farafangana, ny alarobia hifoha alakamisy. Olona roa no tsy hita popoka vokatr'izany , mbola tsy hay na maty na velona. Tsy hita ihany koa ilay kanôty nitondra azy ireo. Tamin'ny alina tamin'ny fiantsonan'ny lakana io tranga io. Kanôty niantsona teo min'ny ranomamy ity nivaha tampoka ity ka nentin'ny rano. Olona telo no natory tao ary rehefa taitra izy ireo dia nahatsiaro fa nandeha ilay kanôty. Ny anankiray no nahasahy nitsambikina avy hatrany fa ny roa kosa nijanona. Ny anankiroa araka izany no lasan'ny kanoty ary niampita vinany ka nitsofoka ny anaty ranomasina. Tsy hita izy ireo hatramin'izao ary mandeha ny fikarohana. Ilay iray nitsambikina kosa avotra soa aman-tsara ihany. Ankoatra ireo olona ireo dia nisy entana sy saribao 20 gony tao amin'io kanôty tra-doza io. Natao ny fikarohana saingy mbola tsy nahitana vokatra. Nihetsika avokoa ny tomponandraikitra rehetra any ifotony. Hatreto dia akanjo « *gilet de sauvetage* » no hitan'ireo mpikaroka teny amorondrano.



**Tsy nahitam-bokany**

Mbola mandeha anefa ny fanadihadiana ary efa niatrana teny ifotony avokoa ireo manampahefana toy ny zandary, ny miaramila ary ny polisy. Efa nampandrenesina ihany koa ny governora. Efa nisy vedety haingam-pandeha nalefa nikaroka ireo olona ireo, nanao savahao ny moron-dranomasina hatramin'ny maraina kanefa mbola tsy nahitam-bokany. Somary ratsy rahateo ny andro any Farafangana amin'izao satria manonja be ny ranomasina, ary oram-be hatrany, hoy ny kapiteny lehiben'ny vondrontobim-paritry ny zandary Farafangana. Kanôty "Tsivahiny VII" io lasan'ny rano io, ary voalaza fa nisy nanapaka ny tady nifatorany teo an-tseranana Anosinakoho. Efa nilazana avokoa ireo fikambanan'ny mpanjono manamorona ny ranomasina iny samy manao ny fikarohana. Ireto avy no tao anatin'ilay kanôty: Radelisy sy Razafy, izay mbola tsy hita, fa i Floret kosa no avotra rehefa nampian'ny mpanjono iray ka namonjy sy nitondra azy teny an-tanety.

**Ariel D.**

Anosizato

# Ankizivavy maratra mafy nofaohin'ny môto

Fandehanana mafy loatra miharo tsy fitandreman'ilay mpitondra môto no fototry ny lozam-pifamoivoizana niseho tetsy akaikin'ny tetezana Anosizato, ny alatsinainy teo tokony tamin'ny 7 ora hariva. Zazavavy kely sahabo ho 15 taona araka izany no naratra mafy rehefa nifaohin'ity kodiran-droa ity. Tsy maty akory izy fa mbola tsaboina any amin'ny hopitaly Hjra amin'izao fotoana izao. Ilay mpitondra môto kosa tsy voakasika akory fa ny môto nentiny no nahitana fahasimbana kely. Teo amin' ny tetezana mampitohy an' Anosizato sy Ampitatafika. Môto Kymco avy any Ampitatafika ity tra-doza ity. Nandeha an-tongotra ilay zazavavy voadona noho ny tsy fitandreman'ny mpamily. Tonga teny an-toerana nanao ny fizahana ny zandary ary niambina ny manodidina ihany koa sady nandamina ny fifamoivoizana. Tamin'io fotoana io dia efa nentin'ilay niharam-boina tany amin'ny hopitaly Hjra ilay zaza voadona ary ilay mpitondra môto ihany no voalaza fa niantoka ny saran-dalana sy ny lany rehetra tamin'ny fitsaboana. Mbola mitohy moa ny fanadihadiana azy.

**Ariel D.**

Amparihinomby Tsiroanomandidy

# Mpianaka maty nilatsahan'ny varatra

Ramatoa lehibe iray sy ny vinanto vaviny no indray nilatsahan'ny varatra ny talata 31 janoary lasa teo. Tao amin'ny kaominina Amparihinomby, distrikan'i Tsiroanomandidy Fihaonana, faritra Bongolava no niseho ny loza. Raha ny fantatra dia nandeha niasa tany an-tsaha izy mianaka. Rehefa hariva ny andro dia nody izy ireo. Teny andalana efa akaiky hiditra ny tanàna no nilatsaka tamin' izy mianaka ny varatra. May tanteraka ny vatany. Vokany : tsy nahatsiaro tena izy ireo. Nentina nialanana nenina tany amin'ny hopitaliben'i Tsiroanomandidy, saingy tsy tana nyainy. Marihina moa fa tsy tena avy be ny orana tamin'io fotoana nitrangan' ny loza io. Mbola ao anatin' ny fotoam-pahavaratra rahateo isika amin'izao ka tena mamely ny varatra any amin' iny faritra Tsiroanomandidy sy ny manodidina iny.

**Rablaise**

Ambohimanarina

# 2 lahy malaza mpanendaka naiditra am-ponja

Roa lahy malaza amin'ny fanendahana eny amin'ny faritra Antanety no voasambotry ny polisy avy ao amin' ny boriborintany fahenina eny Ambohimanarina, ny talata lasa teo tokony ho tamin'ny 5 ora hariva. Rehefa vita ny famotorana teny anivon'ny polisy dia niakatra fampanoavana ny raharaha ka naiditra am-ponja vonjimaika izy roa lahy mandrapahatongan'ny fotoampitsarana azy. Nandritra ny fisafoana nataon'ny polisy teny an-toerana no nahatsikaritra lehilahy roa teo ampanaovana ny asa ratsiny nanendaka olona izy ireo. Nandray ny andraikiny avy hatrany ireo mpitandro filaminana ka nisambotra ireo olon-dratsy, ary tsy lasa lavitra dia tratra izy roa lahy. Efa nentina nankany amin' ny biraon'ny polisy natao famotorana ry zalahy ka niaiky ny heloka vitany. Tamin' izany ihany koa no nahalalana fa efa malaza ratsy amin'ity resaka fanendahana ity eny an-toerana izy ireo. Izany lavakely izany no ahafantaran'ny olona azy eny amin'ny manodidina.

**T.H**

Halatra môtô

# Lehilahy vao nivoaka ny fonja, tratra indray

Lehilahy iray voasambotra noho ny halatra môtô niseho tany Antsiranana no fantatra fa efa mpamerin-keloka noho ity asa ratsy ity ihany. Ny volana janoary lasa teo izy no nahavita ny saziny ka nivoaka ny fonja, kanefa dia nanohy ny asa ratsiny ka izao tratra izao indray. Telo lahy izy ireo no niaraka tratra tamin'ity asa ratsy ity. Ny alahady lasa teo no nifanehatra tamin'ireo zandary mpanao fisafoana ny lehilahy iray niaraka tamin'ny môtô. Rehefa nanao ny fisavana ny mpitandro filaminana dia tsy nahitana antontan-taratasy mikasika ilay môtô teny aminy. Fantatra araka izany fa môtô halatra ity nentiny ity ary nanoro ireo olona mpiray tsikombakomba aminy izy. Nisy ny vela-pandrika natao ka sarona avokoa ireo namany roa lahy. Nentina natao famotorana teny anivon'ny mpitandro filaminana izy ireo ary aorian'izay dia hiakatra fampanoavana ny raharaha. Fa resaka halatra môtô izay ihany koa dia lehilahy iray nitondra môtô no lasa nirifatra nitsoaka rehefa sendra ny polisy teny amin'ny Rocade. Navelany teo ilay môtô nentiny. Vao niala avy eny lavidavitra dia efa tazan'ilay olon-dratsy ny sakana napetraky ny polisy. Natahotra ny ho tratra izy ka tsy sahy nanohy ny diany ary dia navelany teo ilay kodiaran-droa fa izy kosa lasa nandositra. Naka ilay môtô ny polisy ary nentina tany amin'ny kaomisarian'ny boriborintany fahafito eny 67 ha ilay kodiaran-droa taorian'izay. Môtô marika "cygnus" miloko manga ilay izy ka nandrasana haka azy ao izay tompony.

**T.H**

Ambohitrimanjaka

# Misy mangalatra ny vary eny an-tanimbary



**Namoaka " circulaire " mihitsy ny ben'ny tanàna.**

Misy mangalatra ny vary eny an-tanimbary ao amin'ny kaominina Ambohitrimanjaka. Maromaro ny fitarainana voarain'ny fiadidiana ny tanàna eny an-toerana mikasika izay tranga mampalahelo izay. Nandray fepetra mihitsy ny kaominina, namoaka tenimita « circulaire », mandrara ny mponina, indrindra ny mpamboly vary eny an-toerana, mba tsy hidina eny an-tanimbary manomboka amin'ny 5 ora maraina, hatramin'ny 5 ora hariva. Tsy azo atao intsony ihany koa mitsimpona vary very eny an-tanimbary, mba hanavahana ny tena tompony sy izay mety ho mpangalatra. Nitondra voka-tsoa ho an'ireo tantsaha eny Ambohitrimanjaka ny rotsak'orana nentin'ny rivodoza Cheneso farany teo, hoy ny ben'ny tanàna, Randriamanalintsoa Ihajason, satria ampy tsara ny rano nanondraka ny tanimbary 21 000 ha, ka nahazo aina ny vary aloha. Ho tsara araka izany ny vokatra amin'ity taona ity. Manao antso avo amin'ireo mpamboly anefa ny ben'ny tanàna, mba samy hijinja ny variny avy hatrany rehefa hita fa matoy, sao ny mpangalatra indray no ho tonga aloha. Na izany aza dia nanimba ny lalana teo an-dalam-panamboarana ihany koa ny rotsak'orana be farany teo. Nampanantena anefa ny ben'ny tanàna fa tsy maintsy hitohy ny asa fanamboarana.

**Niry R.**

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

*Porofo*




## Masoandro miposaka

### Ohabolana 7 : 1-2

1 Anaka, tandremo ny teniko, Ary raketo ao aminao ny didiko.

2 Tandremo ny didiko, dia ho velona ianao; Ary tandremo toy ny anakandriamaso nao ny lalàko.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05

## Hatsikana an-tsary

*Soratra*








*Tantara sy sary: Nil*

## Ohabolana



**Havako raha misy patsa ; fa raha lany ny patsa, havan-tetezina.**

(Il se dit) mon (proche) parent quand il y a de crevettes à manger ; mais quand il n'y en a plus, ce n'est qu'un parent éloigné.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2872

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 7 | 5 | 9 | | 8 | 4 | | 2 |
| | | 1 | | | | | | 8 |
| | | | | 7 | | | | |
| 6 | | | 8 | | | | | 7 |
| 5 | | | | | | | | |
| | | 4 | | 3 | | 1 | 6 | |
| | 6 | | | | 4 | | | |
| 9 | | | | | | | 3 | |
| | | | | | 1 | | | |

Valin'ny laharana 2871

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 9 | 8 | 7 | 1 | 5 | 6 | 4 | 3 | 2 |
| 6 | 4 | 5 | 2 | 9 | 3 | 8 | 1 | 7 |
| 2 | 3 | 1 | 7 | 8 | 4 | 5 | 6 | 9 |
| 3 | 1 | 6 | 5 | 7 | 8 | 9 | 2 | 4 |
| 5 | 7 | 2 | 3 | 4 | 9 | 6 | 8 | 1 |
| 8 | 9 | 4 | 6 | 1 | 2 | 7 | 5 | 3 |
| 1 | 5 | 9 | 8 | 3 | 7 | 2 | 4 | 6 |
| 7 | 6 | 3 | 4 | 2 | 5 | 1 | 9 | 8 |
| 4 | 2 | 8 | 9 | 6 | 1 | 3 | 7 | 5 |

Filoha Andry Rajoelina tao Marovoay

# Nanomboka ny sosialim-bahoaka tamin'ny asa fanampiana ireo traboina

Tsy nitazam-potsiny manoloana ny voina nahazo ny mpiray tanindrazana vokatry ny fandalovan'ny rivodoza Cheneso ny fitondram-panjakana fa miezaka hatrany mijery ny zava-misy. Omaly dia nanatanteraka fidinana ifotony tany amin'ny kaominina Ankaboka distrikan'i Marovoay faritra Boeny ny Filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina sy ireo delegasiona mafonja niaraka taminy. Ity distrika ity dia isan'ny tena voa mafy tamin' ny fandalovan'ny rivodoza. Miisa 167 ireo tokantrano tsy maintsy nafindra toerana noho ny fiakaran'ny rano. Nandritra izany no nitondran'ny Filoham-pirenena fankaherezana sy fanampiana ireo mponina traboina. Taorian'ny fanambarana izay nataony tany Vatomandry farany teo dia ny tao Marovoay araka izany no nanombohan'ny fitondrana izay tarihany ny fijerena akaiky ny sosialimbahoaka. Nojerena manokana teto ireo tantsaha, satria saika potika avokoa ny fambolen'izy ireo. Mahatratra any amin'ny 1200 ha no fantatra fa tanimbary dibo-drano sy simba tanteraka. Iaraha-mahalala moa fa isan'ny sopitr'i Madagasikara amin'ny famokaram-bary ny ao an-toerana. Manoloana izany, dia nanapa-kevitra avy hatrany ny Filohan'ny Repoblika ny hanampy ireo tantsaha amin'ny alalan'ny fanomezana masomboly sy zezika ary fitaovam-pamokarana ho azy ireo. *« Ireo tantsaha rehetra izay dibo-drano ny tanimbariny no hampiana voalohany. Masomboly 20 kg no hanampiana olona manana tanimbary ny 1 ha. Raha manana 2 ha dia 40kg izany… Fanomezana izy io fa tsy vidiana akory »*, hoy ny Filoha Andry Rajoelina. Tsy adinony ihany koa ny nitondra ireo vatsy ho an'ny mponina ka nozaraina vary 1 gony, menaka 1 litatra, voamaina, akanjo, isaky ny tokantrano. Nisy ihany koa ny fanolorany moto ho an' ireo Ben'ny tanàna rehetra ao anatin'ny distrikan'i Marovoay.

**Tsy maintsy vitaina**

Fa nazava ny tenin'ny Filoha Andry Rajoelina momba ireo fotodrafitrasa efa nataon'ny fitondram-panjakana. Nahitsiny fa tsy maintsy ho vitaina ireo tetikasa rehetra izay efa natomboka tahaka ny lakambe migodana, ny fitarihandrano lehibe na pipeline, ny sekoly… "*Rehefa niteny aho mantsy hoe ny fotodrafitrasa dia ajanona aloha. Tsy miteny hoe tsy hanao fotodrafitrasa intsony. Ny fotodrafitrasa efa natomboka tsy maintsy faranana. Atao laharampahamehana ny sosialimbahoaka, ary miantomboka eto izany fanampiana ny vahoaka izany »*, hoy ny Filoham-pirenena. Hifantoka tanteraka amin'ny fanampiana ny tanora, ireo tantsaha, ny fikambanambehivavy, ireo madinika sy ireo ankohonana sahirana araka izany ny asa hataon'ny fitondram-panjakana amin' izao fotoana izao. **JUDD**

## Marina izany !

### Miteraka resabe !

**Valo volana alohan'ny fotoam-pifidianana, tsikaritra ho misavoritaka ny fiainam-pirenena, amin'ny ankapobeny. Arakaraka ny androsoan'ny fotoana no mampitombo isa ny tokantrano sahirana eto amintsika. Manampy trotraka izany ny tsy fandriam-pahalemana, saika manerana ny nosy mihitsy, mandroba ny kely sisa ananana na maningotra aina mihitsy. Ny somary mahavalalanina anefa dia toa mitarazoka ny fandraisana fanapahan-kevitra hiatrehana ireo olana goavana ireo. Ny mpitandro filaminana natao hiaro ny ain'olona sy ny fananany ohatra tsikaritra ho tsy afaka mametraka ny isan-jato farafahakeliny, ahafahan'ny olom-pirenena miaina sy miasa am-pilaminana akory. Asa noho ny tsy fisian'ny hoenti-manana ve sa tsy fahatomombanan'ny fitaovana sa ny antony hafa. Mahakasika ny olana sôsialy resahina eo ambony, miteraka resabe ny vahaolana aroson'ny fanjakana izay ambaran'ny maro ho tandrametaka fotsiny. Anisan'izany ny fizarana vary sy kojakoja ilaina andavanandro, kihanin'ny ankamaroan'ny olom-pirenena ho tsy mahasehaka ny tokantrano rehetra sahirana akory. Mety ho vahaolana izy ireny fa fohy ezaka ihany, nefa tsy hita taratra ny pôlitika mahomby tokony hifanindran-dalana amin' izany, hampiakarana ny fari-piainan'ny isan-tokantrano. Tsy vitsy ohatra ny teknisiana no nandroso sosokevitra ny tokony hanohanana ny tantsaha, amin'ny alalan'ny fanomezana na fampidinana ny vidin'ny masomboly sy ny zezika. Toy izany koa ny fanatsarana sy ny fifehezana ireny ny tohodrano manondraka tanimbary ireny. Ny mampametra-panontaniana anefa dia toa tsy mihaino ny mpitondra fa mitazona hatrany ny heviny na dia fantatra aza fa tsy mizotra mankany amin'ny tombontsoa iombonana izany !**

Voahangy Rakotozafy

## Izy no izy

Ravelomahazo Rivellino

# Olona tia mizara sy tsy matahotra manitsy

Tanora nefa manana ny fotokevitra ijoroany sady manana fahamatorana eo amin'ny fitantanana. Momba an'Ing. Ravelomahazo Rivellino, Mpandrindra Nasionaly ny Vovonana Tanora Mpitolona Tia Tanindrazana (JPRM), izay manohitra ny foto-pisainana tia manilika ireo nanao adisoana no tiana hotenenina eto. Izy no vahinin'ny Gazetiko ato amin'ity pejy manokana ity, anio. Aminy, tandra vadinkoditra eo amin'ny fiainana ny fisian'ny namana manao adisoana sy mivadi-pitokisana kanefa tsy tokony ahilika avy hatrany izy ireny fa ahitsy sy ijerena vahaolana afahany mivelatra sy manarina ny tsy mety nataony. Manaraka izany, isan'ireo olona tsy mora afa-po fa tia misondrotra hatrany Ing. Ravelomahazo Rivellino eo amin'ny fiainany. Nahazoany diplaoma ny « Droit et technique des affaires» sy ny «Informatique» saingy tsy nijanona teo ny lehilahy fa nitrandraka ny resaka "Hotellerie" ka lasa mpandraharaha amin'io sehatra io amin'izao fotoana. Ao anatin'izany rehetra izany, nambarany fa maro ny efa vita saingy mbola maro ihany koa ny miandry. Amin'ny maha olombelona dia tsy mety afa-po foana satria ny firenena no jerena. Tsy vitan'ny hetahetam-po na indray andro ny fampandrosoana ny firenena fa mila fandraisana andraikitra hatrany. Marihana, fa miasa eo anivon'ny fiadidiana ny repoblika amin'ny alalan' ny "attaché de cabinet" nanomboka ny taona 2018 ny vahinintsika. Efa tompondraikitra ambony teo anivon'ny orinasa Kraoma ny lehilahy talohan'izany. Ny azo antoka, tsy kisendrasendra no nahatonga azy teo amin'izany toerana izany. Raha ny resaka nifanaovana taminy, olona tia mizara sy mihaino ny hafa ny tenany ka izay fananany fahaiza-mihaino izay no heveriny fa nahafahany nitana andraikitra maro ary nilan'ny raharaham-pirenena azy.

**Miahy ny sahirana**

*« Ny zavatra manery ahy sy tsy atao ambanin-javatra dia ny fiahiana ireo vahoaka mahantra sy sahirana ka hampivoatra azy ireo»*, hoy Ravelomahazo Rivellino tao anatin'ny resadresaka nifanaovana taminy. Manamarina izany ny asa sôsialy ataony amin'ny alalan'ireo karazana fikambanana na ONG iandraiketany na naoriny. Izy rahateo no Mpandrindra Nasionaly ny vovonana ivondronan'ireo tanora mpitolona tia tanindrazana na JPRM, izay mijery sy manara-maso ary mitondra vahaolana mikasika ny raharaham-pirenena amin'ny lafiny rehetra. Mikasika izay asa sosialy izay hatrany, nilaza ny vahinintsika fa diakona ary nanana andraikitra feno tao anatin'izany fitandremana izany napetrany ho tarigetra ny hoe tsy misy manana ny ampy ary sambatra izay mifanampy. Eo amin'ny lafiny fanatanjahantena indray, efa nilomano tao anatin'ny baolina kitra ary efa nandray anjara tao amin'ireny Zandry Gasy tamin'ny taona 1997 ireny Ravelomahazo Rivellino. Nanao haiady toy ny "taekwondo" ihany koa izy ary efa nanana tepana mainty tamin'izany. Sakafo tena ankafiziny kosa ny ravitoto amin'ny voanio.

**Mamy R.**

Toe-draharaham-pirenena

# Tsy ho azo ihodivirana ny fanovana governemanta

Somary nangingina tato anatin'ny volana vitsivitsy izao ny resaka manodidina ny fanovana governemanta. Ny antony, somary mifamahofaho, asa afa-po amin'ny asan'ny mpanatanteraka ve ny Filohampirenena sa misy antony hafa tsy handraisana ny fanapahan-kevitra. Ny solombavambahoaka aloha, na dia tsy tody hatramin'ny farany aza ny fitsipaham-pitokisana dia efa nampiseho fa tsy nahatontosa ny andraikiny, araka ny tokony ho izy ny governemanta ka mendrika haongana. Na izany na tsy izany, heverina fa tsy azo ihodivirana ny fanovana governemanta, noho ny minisiteran'ny Raharaham-bahiny, anisan'ireo dimy miantoka ny fiandrianam-pirenena mbola tantanan'ny mpisolo toerana. Ankoatra izay, antony iray hanery ny mpanapa-kevitra hanova governemanta ihany koa, amin'ny volana mey ho avy izao raha toa ka hisafidy ny hitana ny andraikitry ny filohan'ny filankevi-pitantanan'ny ASECNA ny minisitry ny Fitaterana am-perinasa Rolland Ranjatoelina. Ny fanontaniana manitikitika ny saina manoloana izany fotsiny dia ny hoe: Ho fanovàna amin'ny ampahany ny mpikambana ao amin'ny governemanta ve sa hiongotra hatramin'ny lohany? Tsy vitsy ny mpanara-baovao no mihevitra fa tsy volana vitsivitsy mialoha ny fifidianana no hanolo ny ampahany maro ao amin'ny governemanta ny Filohan'ny Repoblika. Andrasana izay hitranga !

**V.R.**

Politika - Fampianarana

# Nodimandry ny profesora Razafindravelo Hermann

Nindaosin'ny fahafatesana teny amin'ny Polyclinique Ilafy omaly ny profesora Razafindravelo Hermann, zanaky ny faritra Analanjirofo. Ankoatra ny maha mpampianatra mpikaroka ny tenany dia nahafantarana azy ihany koa ny tontolo politika. Efa nisahana andraikitra ambony maro teto amin'ny Firenena ny profesora fony fahavelony. Minisitra misahana ny kolontsaina tao amin'ny governemanta notarihan'ny Jly Rabemananjara Charles nandritra ny fitondran'ny filoha teo aloha Marc Ravalomanana. Solombavambahoaka voafidy tany Fenerivo Atsinanana ny taona 2014 hatramin'ny 2019 ary lany ho filoha lefitry ny Antenimierampirenena avy amin'ny farintany Toamasina nanadritra izany. Nialoha izany rehetra izany, izy no Lehiben'ny Faritra Analanjirofo voalohany ny taona 2004 hatramin'ny 2007. Izahay eto amin'ny Gazetiko dia mirary fiononana haingana ho an'ny fianakaviana nilaozany!

**Mamy R.**


**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Ankatso II

# Nitokona fa tsy nahazo rano nandritra ny 5 volana ireo mpianatra

Naneho ny hatezerany tamin' ny alalan'ny fanapahandalana sy horakoraka ary filanjana bidon mavo ireo mpianatra monina eny amin' ny cité Ankatso II omaly. Tapaka nandritra ny 5 volana mantsy izay ny rano eny anivon'ireo bloc ipetrahan'ny mpianatra. Manaitra ny sain'ny tomponandraikitra izy ireo satria an-taona maro izay no voatery maka rano lavitra ny toeramponenany ireo mpianatra. Voatery mividy rano 1500 ar ny bidon iray raha tsy manam-potoana ilaharana sy tsy te ho reraka. Misy ny vahaolana atao anatin'ny fotoana fohy naroson'ny minisiteran'ny rano, fidiovana sy fanadiova, ny Jirama ary ny Croua dia ny famatsiana rano amin'ny alalan'ny kamiao sy sinibe plastika. Tsy manaiky izany anefa ireo mpianatra fa fikarohana vahaolana maharitra no tadiavin'izy ireo, satria ao anatin'ny bloc iray fotsiny ahitana mpianatra 25. Nilaza moa ny tomponandraikitra eo anivon'ny Croua fa anisan'ny antony iray mahatonga azy ireo miady amin'ny fanorenana tsy ara-dalàna ny olana toy izao. Mety ho tsentsina na tototra mantsy ny lalan'ny rano ka mampihena ny tosika mitondra rano any amin'ireo tranon'ny mpianatra izany. Vahaolana maharitra kosa ny fampidirana fantsona vaovao mamatsy rano ho an'ny faritra ambony, ka ny Minisiteran'ny Fampianarana Ambony no handray antanana ny fandaniana mahakasika izany. Ny Jirama kosa mijery izay fomba hahafahana mifanampy hahatongavan'ny rano eny amin'ny tranon'ny mpianatra. Efa nanomboka omaly ihany ny asa fitsirihana sy ny fanaovana kajy ny fantsona vaovao izany ary ny fitaterana rano ho an'ny mpianatra.



Nirehitra vao maraina ny afo teny amin'ny cite-n'ny mpianatra Ankatso II.

**Nath**

ETG INPUTS Madagascar

# Hamokatra zezika NPK 36000t isan-taona eto amintsika

Hamokatra zezika 36 000 t isan-taona eto Madagasikara ny orinasa tsy miankina ETG INPUTS Madagascar, raha ny nambaran' ny filankevitry ny minisitra ny alarobia 01 febroary 2023 teo. Alohan'ny hiasan'ity orinasa tsy miankina ity anefa dia tsy maintsy hisy aloha ny fanadihadiana aratontolo iainana vao hitsangana ny orinasa izay hamokatra zezika NPK. Rehefa mandeha ny asa eo anivon' ity orinasa ity afaka volana vitsy dia ho tafakatra 50 t isan'andro ny zezika ho vokatra ary rehefa mihodina tsara ny asa vao ho tafakatra 100t isan'andro izany.

Raha ny tanjona isan-taona dia io efa nambara eny aloha eo am-panombohana ny lahatsoratra io, ka haharitra roa taona ny fifanarahan'ny fanjakana amin'ity orinasa ity. Raha ny mikasika ny fivarotana ny zezika eto amin'ny tsena anatiny dia hilatsaka 10 isanjato izany eny an-tsena. Fantatra koa anefa fa hanome ny 20 isanjaton'ny zezika vokariny maimaimpoana ho an'ny minisitera misahana ny fambolena ny orinasa, ka izany zezika izany dia hotsinjaraina amin'izay tantsaha tena marefo mila azy.

*"Rehefa mihodina tsara ny asa, ho tafakatra 100 t isan'andro izany"*

**Manaiky**

Ny vaovao mahafaly amin' ity famokarana zezika ity dia manaiky ny handray mpiasa malagasy ihany koa ny orinasa, ka tafiditra amin' izany avokoa ireo manampahaizana, ireo teknisianina sy ireo mpiasa tsotra. Ny orinasa ETG INPUTS Madagascar no hiantoka ny fitaovana rehetra ilaina amin'ny fananganana ny orinasa sy ny fanodinana ary ny fampifangaroana ny zezika NPK. Haharitra 10 taona ny faharetan'ny fiaraha-miasa fa azo havaozina izany raha mahafapo ny vokatra, araka ny tombana hataon'ny Minisitera tomponandraikitra. Voasoratra ao amin'ny fifanarahana ny hahalasa fananampanjakana ny fitaovana rehetra hampiasain'ny orinasa aorian'ny 30 taona hihodinan'ny orinasa. Isan' ny vondron'orinasa goavana miasa miparitaka manerana an'i Afrika amin' izao fotoana izao ny ETG INPUTS Madagascar. Ho fantatra eo ihany moa ny distrika hananganana ny orinasa.

**Heriniaina A.**

Mpamatsy entana ny fanjakana

# Nitokona manoloana ny Tahirimbolam-panjakana

Feno ny kapoakan'ireo mpandraharaha mpamatsy entana ny fanjakana. Tonga nitokona manoloana ny biraon'ny Tahirimbolampanjakana teny Antaninarenina izy ireo omaly. *"Efa nanomboka ny tapaky ny volana novambra 2022 izahay no tsy nandray vola intsony, kanefa ny famatsiana entana mitohy tsy tapaka. Tsy fantatra mihitsy ny fotoana handoavan'ny fanjakana ny volanay ary rehefa tonga manontany ny tomponandraikitra izahay dia milaza izy ireo fa tsy misy ny vola. Tena sahirana izahay, satria ny volan' ireo mpamongady nakana entana tsy maintsy aloa ary mbola tsy maintsy mandoa karaman'ny mpiasa koa. Misy aminay koa no mindram-bola any amin'ny banky ka manana olana noho tsy ny fivoahan'ny vola avy amin'ny fanjakana. Ireo minisitera sasany anefa mbola manery ihany ny hanaovana famatsiana na dia efa tsy misy vola mivoaka aza"*, hoy ny solontenan'ireto mpandraharaha ireto. Nanao antso avo tamin'ny Filoham-pirenena sy ny minisitry ny toekarena sy ny fitantanambola ireto farany mba hamahana ny olana ao anatin'ny fotoana fohy. Marihina fa amin'ny alalan'ny antso tolo-bidy ataon'ny fanjakana no hahazoan'izy ireo ny tsenambarotra ary rehefa mamatsy entana izy ireo dia tokony handray ny vola vidiny avy hatrany.

**R. Muray**

Tsiroanomandidy

# "Mbola vidina 50 000 Ar ny FIB"

Taorian'ny nanesorana ny préfet teo aloha, izay notondroin'ireo ben'ny tanàna maromaro ao Tsiroanomandidy ho nanao fanararaotam-pahefana sy rangory fototry ny afo amin'ny fidangan'ny vidin'ny taratasin' omby (FIB) ao amin'ny faritra Bongolava. Nahitsy ny filohan'ny "association des Maires" ao Bongolava, Atoa Ramaroson Mbolatiana, sy ben'ny tanànan'ny kaominina Ambatolampy, Atoa Ndimbiarisoa Ludovic José Brillant, nanambara fa « *Mbola tsy misy fiovana aloha hatreto ny zava-misy eny an-toerana, fa mbola vidina amin'ny sarany 50 000 Ariary ny FIB raha tokony hovidina 5 000 Ar. araka ny afisy miperaka ao amin'ny kaominina". "Mbola izy angamba no mitana ny baolina satria mbola tsy nisy famindram-pitantanana teo amin'ny préfet teo aloha sy ilay solony* », hoy hatrany ity olom-boafidy ity. Anio zoma 03 febroary moa no fantatra fa hanaovana izay famindram-pahefana eo amin'ny préfet vaovao izay ka ho hita eo ny tohiny. Nilaza ho mbola tsy nihaona tamin'ity tomponandraikipanjakana vaovao ity rahateo ireto ben'ny tanàna ireto, ka amin'izao famindrampahefana izao angamba no fotoana tsara indrindra azo hanaovana izany. Mbola zanaky ny faritra rahateo ny préfet vaovao ka antenaina fa hiezaka hitondra fampandrosoana ho an'iny faritra Bongolava iny.

**Nangonin'i Niry R.**

Filankevi-pitantanan'ny ACM

# Nankatoavin'ny fanjakana ny fanendrena ireo mpikambana

Nivaly ny fangatahan'ireo mpitantana eo anivon'ny ACM (Aviation Civile de Madagascar). Nankatoavin'ny fitondrampanjakana nandritra ny filankevitry ny minisitra tamin'ny alarobia lasa teo, tamin'ny alalan'ny didim-panjakana, ny firosoana tamin'ny fanendrena ireo mpikambana ao anatin'ny filankevi-pitantanana. Misy 11 izy ireo, koa ny 6 nosafidiana noho ny fahaiza-manaony manokana, ny 3 solontena avy amin'ny minisiteran'ny fitaterana sy ny famantarana ny toetr'andro, ary ny 2 solontena avy amin'ny minisiteran'ny toekarena sy ny fitantanambola. Tsiahivina fa talohan'ity fanendrena ity dia nanao valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety ireo mpitantana teo anivon'ny ACM. Naneho ny ahiahiny amin'ny mety ho fiantraikan'ny tsy fananana filankevi-pitantanana nanomboka tamin'ny volana aogositra 2022 izy ireo, satria nandringa ny fanatanterahana ny asa fanarahamaso ny fitaterana an'habakabaka amin'ny fiantohana ny sidina sy ny mpandeha amin'ny fitaterana an'kabakabaka. Tsy afaka nanao famoaham-bola rahateo ireo mpanatanteraka noho ny tsy fisian'ny filankevipitantanana ary nahiana ny fiantraikan'izany teo amin'ny fifandraisana amin'ny fitaterana an'habakabaka iraisampirenena.

**R. Muray**

## Topimaso

***Atokana hanampiana ara-tsakafo ireo ankizy tratran'ny tsifanjariantsakafo** tsaboina ao amin'ny Akany ao Ibity ny vola azo rehetra mandritra ny fanatanterahana ny andiany fahafito amin'ny Trail d'Ibity. Efa misokatra nanomboka omaly etsy amin'ny Ortana hita ao amin'ny zaridainan' Antaninarenina sy any amin'ny biraon'ny ORTVak ny fisoratana anarana ary haharitra hatramin'ny 30 martsa izao izany. Mizara telo mazava tsara kosa ny hetsika hotanterahina ny 2 aprily 2023, ka hisy ny hazakazaka sy randonnée atao any amin'ny tendrombohitra ho an'ireo olona matanjaka. Misy hazakazaka 2 km kosa natao ho an'ny ankizy maniry hitsidika ny tanànan'Ibity.

***Araka fanambaran'ny sampana mpamantatra ny mety ho toetry ny andro**, hatramin'ny alahady izao dia tsy mbola misy fanahiana momba ny rivodoza mety hahakasika antsika. Amin'ny herinandro ambony kosa anefa, manome vahana ny fiforonana rivodoza ao amin'ny ranomasimbe Indianina sy ao amin'ny lakandranon'i Mozambika ny fepetra an-dranomasina sy ho an'ny atmosfera. Misy fanahiana kely ho an'i Madagasikara indray amin'izany. Eo anoloan'izany, mila manara-maso ny fivoaran'ny rivodoza ireo distrika maro, toy ny any amin'ny faritra Sava , Analanjirofo, Alaotra Mangoro, Atsinanana, Menabe sy ireo distrikan'ny Mandritsara, Nosy Varika, Mananjary, Manakara, Ifanadiana, Besalampy, Maintirano, Morafenobe, Antsalova, Morombe, Toliara, Betioky Atsimo, Ampanihy, Beroroha, Ankazoabo Atsimo ary Sakaraha.

**Nath**

**Gazetiko**

novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady
Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 918 - 02 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

## Nahandro

**Paty amin'ny zepinara sy crème fraîche ary "lard"**

**Zavatra ilaina**: paty 500g, zepinara 1 boty, crème fraîche 1 boaty, lardons 150 g, persily, sira sy dipoavatra, menaka

**Fikarakarana azy :** Ampangotrahy anaty rano misy sira ny paty. Makà vilany iray hafa dia arotsahy ao koa ny zepinara raha etsy an-kilany ny "lardons" endasina amin'ny menaka kely. Rehefa masaka ny paty sy zepinara dia tsihifina ary afangaro amin'ny "lardons" efa mendy ka izay vao arotsaka ny crème fraîche. Aza hadinoina ny sira sy dipoavatra ary persily kely.

Arosoy mafana dia mazotoa homana.